


**Tatitra amin'ny teny frantsay [ETO]**

Ny 25 aprily ka hatramin’ny 27 mai 2020 dia nanatontosa fanadihadihana ny teo anivon’ny UNFPA, manoloana ny fihatrehana ny aretina corona. Ireo tanora 20 ka hatramin’ny 24 taona no tena maro namaly ity fanadihadihana ity ka 40% dia avy eto Analamanga ; manaraka azy ny faritra Atsimo Andrefana nahatratra 31%.



Niompana betsaka tamin’ny herisetra, ny fandrindram-piainam-pianakaviana, ny fahasalamana, ny fahafantarana ny covid-19 sy ny fomba fiarovana ny resaka. Raha fintinina dia saika lafin’ny maro mahasahana ny fiainan’ny tanora manoloana ny covid-19 no nanontaniana. Nisy ihany koa anefa ny soso-kevitra izay hitan’izy ireo mikasika ny fomba iadiana amin’ny herisetra sy ny mety olana tokony ho vahana mandritra ny fiatrehana izay aretina covid-19 izay.

Ireo tanora vehivavy no hita fa liana tamin'ny fanontaniana napetraka izay nahatratra 67%, raha toa ka 31% monja ny lehilahy. 68.5% tamin'ireo tanora kosa dia mbola tsy manambady avokoa. Na izany aza dia nisy ihany sokajy hafa izay liana, toy ny tanora vavy efa manan-janaka nahitana 8,7%.

Ireo manana asa atao kosa dia saika mpianatra ny 44.9%, ary mihoatra ny antsasak'ireo tanora nanontaniana, 56% izany, dia mpitantana fikambanana. Lava dia lava io fanadihadihana io, fa ho ezahina ny hanome azy tsikelikely ho anao mpamaky .

Ny tsara ho fantatra aloha dia matoa izao no vita dia noho ny fiara-miasa mavitrika teo anivon'ny FNUAP, ny UNICEF, ny Minisiteran'ny tanora, ny PNUD ary ireo fikambanana samihafa ka anisan'izany ny fikambanana Fitia.





